



## **FAMPITAM-BAOVAO**

**Fifandraisan'i Japon sy Madagasikara: fanomezana 3,2 tapitrisa euros ho an'ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza ary 1,3 tapitrisa euros ho fampitaovanany TVM**

Noraisin'ny Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina teny amin'ny Lapam-panjakana lavoloha, androany alarobia 27 marsa 2019, ny Minisitry Parlemantera Lefitra japoney misahana ny raharaham-bahiny, Atoa Kenji YAMADA.

Nanambara ny finiavany hanamafy ny fifandraisana misy eo amin'i Japon sy Madagasikara ny roa tonta. Noresahana nandritra ny fihaonana ireo sehatra iarahamiasa tahaka ny fandriampahalemana an-dranomasina, ny fanavaozana ny Filankevitra misahana ny fandriampahalemana eo anivon'ny Firenena Mikambana, ny fotodrafitrasa manara-penitra ary ny fiovaovan'ny toetrandro. Ankoatran'ireo tetikasa efa an-dalam-panatontosana, toy ny fanitarana ny seranan-tsambo ao Toamasina sy ny tetikasa Ambatovy, dia nanambara ny finiavany hanampy ny ezaky ny malagasy amin'ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fitondram-panjakana ity Minisitry Parlemantera Lefitra japoney misahana ny raharaham-bahiny, ity.

Taorian'ny fihaonana dia nanatrika ny fanaovan-tsonia an'ireo antontan-taratasy roa nataon'ny Ambasadaoron'i Japon eto Madagasikara, Atoa Ichiro Ogasawara, sy ny Minisitry ny Raharaham-bahiny mpisolotoerana, Atoa Hajo Andrianainarivelo, ny Minisitry Parlemantera Lefitra japoney misahana ny raharaham-bahiny, Atoa Kenji YAMADA sy ny Filoha Andry Rajoelina.

Ny fifanarahana voalohany dia mikasika ny fanomezana mitentina 3,2 tapitrisa Euros momban'ny fitaovana ara-pitsaboana natokana ho an'ny reny sy ny zaza. Ireo fitaovana ireo dia hoapetraka amin'ireo toeram-pitsaboana ara-panjakana manerana ny Nosy. Izaon'ny fanohanana ny Governemanta japoney izao dia hahatonga ireo hopitalim-panjakana mba hanana fitaovana raitra, ary mba hafahan'izy ireo hanolotra fitsaboana manara-penitra ho an'ny vahoaka madinika eto amin'ny Firenena. Anisan'izany fitaovana izany ohatra ny fitaovana fitarafana azo entina mivezivezy, ny fitaovana fanaovana échographie-Doppler, ny fitaovana fanaovana échographie azo lanjaina, sy ny latabatra fandidiana mahazatra. Ny fanomezana fiara fitsaboana sy fitaovana ilaina amin'ny fandidiana voarakitra ato anatin'ity fanampiana ity ihany koa dia efa an-dalam-pandinihana.

Ny tetikasa faharoa kosa dia mikasika fanomezana mitentina 1,3 tapitrisa Euros momban'ny fampitaovana eo amin'ny lafin'ny haino aman-jery ary tekinolojia avo lenta ho an'ny Televizionina Malagasy, mba hanoloana an'ireo fitaovana fanaparahana, famoronana ary fandrafetana sary efa naritra. Io tetikasa io ihany koa

dia mahakasika ny fizaràna fandaharana japoney izay afaka halefan'ny TVM manerana ny Nosy. Izany dia hanatsara ny kalitaon'ny fandaharana ao amin'ny TVM, fa indrindra hampiroborobo ny fanabeazana ny zaza malagasy amin'ny alalan'ny fahitalavitra. Izany ihany koa dia mifameno amin'ny Politika Ankapoben'ny Fitondram-panjakana izany mametraka ho laharam-pahamehana ny fanabeazana ho an'ny rehetra mba hahatonga ny olom-pirenena tsirairay ho mpandray anjara feno amin'ny Fampandrosoana.

Fiadidiana ny Seraseran'ny Repoblika

27-03-2019